


**FANTARO I FELIX!**



# Manara-dia an'i Jesoa any Nikaragoà

## Ny fomba fanarahan'i Felix an'i Jesoa

Manara-dia an'i Jesoa amin'ny alalan'ny fankatoavana i Felix. Mivavaka sy miezaka mitandrina ireo didy izy ary mandeha miangona. "Mianatra zavatra be dia be aho ao amin'ny Kilonga," hoy izy. "Feno ankizy ao amin'ny Kilonga ary mianatra momba an'i Jesoa Kristy izahay ao."

Tia miara-milalao amin'ireo zanakalahin'ny anadahin'ny reniny i Felix. Saingy tsy mifankahazo izy roa lahy indraindray. "Manampy ahy hanana faharetana ny Ray any An-danitra," hoy izy.


Manampy ny hafa ihany koa i Felix. Nahita mpiara-mianatra iray tsy nanana goûter i Felix tany am-pianarana. Nozarain'i Felix ny goûter-any. Mikarakara ny zandriny vavy koa izy. Ataony izay tsy hampidi-doza azy ka sakafo voatetika kely ihany no haniny.





### Afaka manara-dia an'i Jesoa koa ianao!

Inona no zavatra nataonao hanarahana dia an'i Jesoa? Soraty ary tantarao aminay! Mandehana any amin'ny fonon'ny boky any an-damosina hahitanao ny fomba hanaovana izany.






## Mombamomba an'i Felix

**TAONA:** 7

**FIAVIANA:** Managoà, Nikaragoà

**FITENY:** Espaniôla

**TANJONA:** 1) Ho lasa mpanamory sambondanitra sy hankeny amin'ny volana ary mety ho eny amin'ny planeta Marsa koa. 2) Hiompy akoho indray andro any.

**FIALAMBOLY:** Mianatra momba ny habakabaka, sy mitendry pianô, ary mahandro sakafo.

**FIANAKAVIANA:** Felix, Neny, Dada, ary zandry vavy

## Ireo zavatra tiany indrindra

**TANTARA AO AMIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA:** Tamin'i Jesoa namangy an'i Amerika sy nanasitrana ny olon-drehetra (3 Nefia 17)

**FOTOAM-PAKALAZANA:** Krismasy

**VOANKAZO:** Frezy sy voanketsihetsy (pastèque)

**LOKO:** Manga

**HIRA AO AMIN'NY KILONGA:** "I Will Walk with Jesus" (*Friend*, Feb. 2020, 27).